# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Aogositra 2018

**23** **Alakamisy**
aogositra

**Na iza na iza mandeha amin'ny maizina ka tsy manana fahazavana, aoka izy hatoky ny anaran'i Jehovah sy hiankina amin'Andriamaniny.** Isaia 50. 10

**Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariantsika ny asan'ny maizina ka hitafiantsika ny fiadian'ny mazava.** Romana 13. 12

## Mandeha amin'ny alina

Ny fiainana kristiana, hoy ny apostoly Paoly ao amin'ny taratasy ho an'ny kristiana tany Roma, dia azo oharina amina fandehanana amin'ny alina, eo am-piandrasana ny maraina. Akaiky kokoa ny hiposahan'ny maraina, noho ny tamin'ny fotoana nanombohantsika io dia io. Na izany aza anefa, dia mbola tsy tonga ny maraina. Eo am-piandrasana izany isika dia tsy maintsy miankina amin'Andriamanitra, mba ho tody soa aman-tsara any amin'izay aleha. Tsy afaka mahita hatramin'ny farany ny lalana eo anoloantsika isika, nefa fanilon'ny tongotsika ny Tenin'Andriamanitra (Salamo 119. 105), ary matoky isika fa hitondra antsika hatrany amin'ny fitodiana Andriamanitra, satria „finoana no andehanantsika, fa tsy fahitana" (2 Korintiana 5. 7). „Ny hoe mino", hoy i Martin Luther King, „dia mianika ny zana-tohatra voalohany, na dia tsy mahita ny tohatra manontolo aza".

Tsy mitady ny hanazava ny lafiny tsirairay eo amin'ny fiainantsika tsy akory ny Filazantsara. Kanefa fantatsika kosa fa eo anilantsika mandrakariva Andriamanitra, mandritra ny fiainantsika (Salamo 23). Ny fanatrehan'ny Tompo eo amin'ny fiainana no zava-dehibe, fa tsy ny fanazavana amin'ny antsipiriany ny zava-drehetra. Ahoana moa no hahazoantsika manantena hahatakatra tanteraka ny toerana misy antsika, nefa isika zavaboary tsotra fotsiny sady voafetra ?

Ry kristiana, mandeha eo amina lalana mitondra antsika any an-danitra isika. Saingy tsy irery isika eo amin'izany lalana izany : nialoha antsika Jesosy. Mitsilo ny lalana Izy ary miaraka amintsika eo amin'ny diantsika sy eo amin'ny dingana tsirairay amin'izany dia izany. Na mandalo fotoan-tsarotra aza isika, dia eo Izy. Tsy takatsika angamba ny antsipirian'ny dia, saingy fantatsika kosa fa miaraka amintsika Izy, eo anilantsika, mandritra ny fandehanantsika.